Fitondrana Rajoelina 2

**Manao politikan'ny mpitari-bato vilam-bava**

Misaona ny fampianarana ambony 6

**Nodimandry Pr Rakotomahanina Ralaisoa**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 9 febroary 2023 Laharana 1399 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Raharaha 7 febroary 3

**Ry Rajoelina sy ny forongony no tena nanao ratsy teto**

**Fanatanterahana ny fifidianana** 2

# Miala nenina ny TIM ny amin'ny tokony hisian'ny fifampiresahana



**Me Eric Rafidison** 2

# Atsaharo tanteraka ny fanenjehana, avoahay Rolly Mercia



**Fitotongan'ny vidin'ny lavanila** 3

# Nampiaka-peo koa ny any Sambava



**Tranga** 3

# Nieren-doza ny depioten'Ambositra



**Habibiana tany Ankazobe** 6

Tratra ireo mpanome vaovao an'Iarisy sy ny namany

**Ambodin'Isotry** 6

Misy manendaka na mbola mazava aza ny andro

**Daka kely**

Toa manentsin-keloka ialahy isany momba ny 7 février ry Boaikely a !

FANATANTERAHANA NY FIFIDIANANA

# Miala nenina ny TIM ny amin'ny tokony hisian'ny fifampiresahana

Manoloana ny hirosoan'i Madagasikara amin'ny fifidianana amin'ity taona 2023 ity, dia tonga teny amin'ny foiben-toeran'ny CENI teny Alarobia ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay notarihin'ny sekretera jeneralin'ny antoko Rina Randriamasinoro, sy ireo mambra ao anatin'ny birao politika . Nambaran'i Rina Randriamasinoro tamin'ny mpanao gazety, fa miala nenina hatrany ny TIM amin'ny hisian'ny fifampiresahana amin'ny resaka fifidianana, izay mbola tsy tara izany , ka izany hoy izy no nahatonga anay ho tonga ety amin'ny vaomieram-pirenena mahaleo tena mikasika ny fifidianana CENI . Zavatra roa hoy izy no nifampiresahana tao, dia ny fanomezana tolo-kevitra hitondrana ny zotram-pifidianana amin'ity taona ity . Teo koa ny fangatahana ny hisian'ny fifampiresahana eo amin'ny herivelona eto amin'ny firenena . Ny mpisehatra rehetra amin'ny Fifidianana : CENI, Governemanta, Antoko politika, Fiarahamonim-pirenena, Mpanara-maso Fifidianana, Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola… Ireo dia hifanakalo hevitra mikasika ireto lohahevitra roa ireto : 1- Ny volavolan-tetiandro hanatanterahana ireo fifidianana izay tokony hatao amin'ity taona 2023 ity, mifanaraka amin'ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ; 2- Ny fomba fiasa mangarahara sy handraisan'ny rehetra anjara, hahazoana lisitry ny mpifidy Feno sy Madio amin'izao Fanavaozana manontolo izao. Manainga ny CENI izahay hanatanteraka izany sehatra ifampidinihana izany hoy Rina. Afaka nifanakalo hevitra tsara izahay hoy Rina Randrimasinoro ; ka miandry ny ho tohiny isika . Ny tanjona mantsy hoy izy dia fifidianana madio sy tsy mandeha ila ny fifidianana ho avy ary handraisan'ny rehetra anjara ny hanatanterahana izany .



Ireo avy amin'ny birao politikan'ny TIM teny amin'ny CENI Ivandry omaly.

**Helisoa**

Antoko TIM Ivato

# Fahombiazana ny fihaonana voalohany tamin'ity taona ity

Fahombiazana ny fihaonana voalohany tamin'ity taona ity, ho an'ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara Ivato, na TIM Ivato, tamin'ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra nataon'izy ireo ny alahady teo tao amin'ny Espace Le Millenium Andradindravola. Noho izay antony izay, nisy ny fanambarana nataon'ny tompon'andraikitry ny antoko ao amin'ity kaominina ity:"ankasitrahana feno ianareo rehetra nanotrona, nanohana ny antso, tamin'ny fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao 2023 ny antoko Tim Ivato ny Alahady 05 Febroary lasa Téo. Mankasitraka an'Andriamatoa Mamy Rabenirina , Solombavambahoaka voafidy teto Ambohidratrimo sady Sekretera Jeneralin'ny Antoko Tim. Mankasitraka an'Andriamatoa Rakotonirina Jean Claude Roger, mpandrindra nasionaly ny antoko Tim. Mankasitraka an'Andriamatoa Andriamorasata Julien, birao politika ny antoko Tim. Mankasitraka an'Andriamatoa Jacquis Rabarison, minisitry ny angôvo sy ny harena an-kibon'ny tany teo aloha. Mankasitraka feno ny mpanakanto nanafana ny lanonana, mankasitraka ihany koa ny mpikambana sy ireo mpikatroka nanotrona ny fotoana, ary ireo vahiny maro nasaina. Mankasitraka ireo rehetra nanampy tamin'ny fikarakarana." Ny manetsabe mbola ho avy hoy izy ireo, indrindra ny amin'ny ho fampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy amin'ity taona ity.



Ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra teny Ivato ny alahady lasa teo.

**Isambilo**

Me Eric Rafidison

# Atsaharo tanteraka ny fanenjehana, avoahay Rolly Mercia

Tontosa ny talata teo, teny amin'ny fitsarana Anosy ny fitsarana ny raharaha mahavoasaringotra an'i Rolly Mercia. Ilay resaka fijoroana vavolombelona tamin'ny raharaha mandeha any Paris, no niakarany teny amin'ny fitsarana. Niziriziry hatramin'ny farany ny tenany ary nitazona tanteraka ny tsy famoahana ny tokony ho fantatra rehetra momba io fijoroana vavolombelona io, na dia nosokirin'ny fitsarana mafy azy. Taorian'ny fifandaharana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany, dia nilaza ny mpitsara fa amin'ny 14 febroary izao, no hamoahana ny didim-pitsarana momba ity raharaha ity. Ny Mpisolovava azy, Me Rafidison Eric, dia nangataka ny hamoahana amin' izay an'i Rolly Mercia, sy ny fampitsaharana tanteraka ny fanenjehana, ka ilazana fa tsy mahefa ny fitsarana eto noho ny tsy maha ara-dalàna ny fitoriana. Amin'ity mpisolovava ity, resaka politika tanteraka no fototry ny fanenjehana ny olona arovany. Raha tsiahivivina, efa voheloky ny fitsarana higadra an-tranomaizina mandritra ny 44 volana ity minisitry ny Serasera teo aloha ity.
Isan'ireo voafonja tafiditra amin'ny fahazoana ny fanalefahan-tsazy nomen' ny Filohan'ny Repoblika Rajoelina farany teo ny tenany, nefa dia mbola tsy navoaka ny fonja ihany hatramin'izao.



**Stefa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Fitondrana Rajoelina
### Manao politikan'ny mpitari-bato vilam-bava

Aok'izay ny fitenenana feno fihatsarambelatsihy ataon'izao fitondrana izao. Aok'izay ny fanaovana politikan'ny mpitari-bato vilam-bava. Nisarika ny saina ny tenin'ireo sendikà sy fikambanana niresaka tamin'ny haino aman-jery, mazava loatra an'ny tsy miankina, ny talata lasa teo. Nisongadina tao anatin'izany ny filazana ny amin'ny hoe « tany tsy tandalàna no misy eto », raha ny tranga manjo azy ireo. Anisan'izany ny nambaran'ireo mpiraki-draharaha, izay mahafantatra tsara ny lalàna, sy ny antsojay manjo azy ireo. Midika zavatra be dia be izany. Ampy itarafana ny fisian'ny tsy rariny eto amin'ny firenena ny zava-misy ao anatin'izany tranga izany, ary santionany io. Manjaka ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin'ity firenena ity ao anatin'izao fitondrana izao ary nahazo laka mihitsy izany. « Ny fitondrana no tena mahatonga ny fisian'izany », hoy ny profesora James Ratsima izay fony fahavelony, ary niady mafy tamin'izany izy. Tsy re loatra firy aloha hatreto ny fikambanana misy azy na asa manao asa any ambadika any, fa mila tohizana izany nataony izany fa tsy tokony hifarana velively. Hahapotika ny vahoaka malagasy mantsy izany, indrindra ireo sarambabem-bahoaka mahatsiaro ho tsy misy mpiaro intsony.

Miseho ho anisan'ny mpino kristiana ny filohan'ny Repoblika tato ho ato. Mazava loatra, ary tsy misy izay tsy mahalala, fa ny teny ambarany rehetra dia tsy maintsy misy kajy politika avokoa ho fiarovantseza sy tombontsoa manokana ary ho famelezana ny mpifanandrina politika aminy. Politika maloto tsotra izao izany satria atao fitaovana ny fivavahana. Fihatsarambelatsihy izany, etsy ankilany manao ho mpino, etsy andaniny mitsipaka izany amin'ny famelezana ny mpanohitra. Etsy ankilany miseho ho manindrahindra firaisan-kina, andaniny milaza na tsy ambara mivantana aza, manao izay tsy hihavanan'ny samy malagasy, fa misy ankolafin'olona ailika. Izao fitondrana Rajoelina izao tsy nanampiniavana velively ny hampiray hina hampihavana ny samy malagasy. Porofon'izany ny tsy namakiana loha nandritry ny 5 taona latsaka nitondrany ny momba fanonerana ireo gadra politika. Na tamin'ny taona niafaran'ny tetezamita nentiny na tamin'izao fotoam-piasany tsy ho ela dia hifarana izao. Nataon'izao fitondrana an-tsirambina sy tsy nomena lanja mihitsy ny fampiverenana ny firaisan-kina sy ny fihavanan'ny Malagasy. Any amin'ny azony isarangotana sy japiana haingana toy ny tranga Barea vao mody mihazakazaka sy miseho ho "mpanao mazia".

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Ny Avo R.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaha 7 febroary

# Ry Rajoelina sy ny forongony no tena nanao ratsy teto

Efatra ambinifolo taona aty aoriana, ny 07 Febroary 2023, dia « niantso famelankeloka » ho an'izay nanao ratsy ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, tsy ho an'ny eto Antananarivo ihany angamba fa ho an'izay nanao ratsy rehetra manerana ny Nosy mihitsy. Tsara ho faritana anefa izany « ratsy » izany satria tsy iray ihany ny hetsika azo lazaina ho ratsy, fa maro tsy tambo isaina: ny famonoana sy fandrobana ary fandorana ny fananan'ny mpiray firenena, ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena tsy anavahana, ny fanodinkodinana volam-bahoaka, ny fanitsakitsahana ireo Lalàna fototra, ny fitsarana tsy marina sy mitanila ka mampisy ny tsy maty manota ary mampanjaka ny kolikoly, ny lela mandainga sy mandoka tena ary mirehareha, sns… Raha ny tranga sy zavatra niainan'ny vahoaka tsy mandady harona rehetra teto amin'ny Firenena nanomboka tamin'ny taona 2009 dia nahatsapana fa nihàtra tamin'ny vahoaka Malagasy ary nampanjakain'ny mpitondra. Tsy ny daty 07 Febroary 2009 ihany no nisy faty olona teto amin'ny Firenena satria nanomboka ny 26 Janoary 2009 izany ary nitohy ny 17 Martsa 2009 tamin'ny fotoana nahavoatery ny Filoha Ravalomanana Marc nandao ny Firenena, raha tsy izany dia ho nisy faty olona nikararana koa teny Iavoloha. Nomen'ny filohan'ny Repoblika ankehitriny, Rajoelina Andry, tsodrano ireo nanao hetsika tamin'ireo daty ireo na dia efa fantany nialoha aza no hihafaran'izany. Raha ny 07 Febroary 2009 no asian-teny dia fanomezana tsodrano ireo nanao fihetsiketsehana teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey sy ny Praiminisitra antsisikoditra, Monja Roindefo, niakatra teny Ambohitsorohitra naka ny Lapam-panjakana. Iaraha-mahalala sy mahita amin'ireny horonantsary ireny, fa tsy avy tao Ambohitsorohitra velively no nisy nitifitra fa avy amin'ireo trano manodidina ary olona efa napetraka mialoha tao no nandripaka sy nomena tsodrano. Araka izany dia azo antoka fa raha nisy nitifitra tokoa avy tao an-dapa dia nifampitifitra ny roa tonta. Satria tsy nisy nitifitra avy tao an-dapa dia ny tanjona dia ny nandatsa-drà izay nolazain'ny mpihoko teny Ambatobe, fa tsy hahomby ny tolona raha tsy misy rà latsaka. Natao sorona izany ireny olona namoy ny ainy ireny kanefa ao anatin'ny Didy Folo nomanen'Andriamanitra dia milaza fa « aza mamono olona » ka ny naniraka izany no namono olona sady nanao « ratsy » ary izy izany no tokony mifono sy mangataka famelan-keloka. Ilay filohan'ny filambanana AV7 izay nitarika ny olona niditra tao amin'ny « faritra mena » (zone rouge) ihany koa dia mpamono olona satria efa nanakana ny jeneraly iray kanefa tsy nohenoina. Nomena toky fa handray honitra isam-bolana ny fianakavian'ireo namohy ny ainy. Tsy fantatra intsony moa ny tohin'izany resaka izany fa ny tsy azo lavina dia nanao « ratsy » tamin'ny mpiray firenena aminy Rajoelina Andry. Nandritra ny tetezamita dia nisy harem-pirenena nahondrana « an-tsokosoko » ka anisan'ireny ny bolabolan' andramena telonjato taonina tratra tao Kaomôro izay tsy fantatra ihany koa izay tohin'ny raharaha satria ny praiminisitra tamin'izany no nandeha tany nijery ireo andramena ireo. Tamin'izao fitondran-dRajoelina Andry izao koa no nisy ny volamena tratra tao Kaomôro ihany. Nogadraina ireo tratra nitondra ireo volamena ireo kanefa azo antoka fa iraka fotsiny ihany no notanterahin'ireo nosamborina ireo fa ny atidoha dia tsy mbola tratra hatramin'izao. Ratsy nataon'ny mpitondra tamin'ny mpiray Firenena izany ka tokony mangata-pamelana ny manam-pahefana noho izany ratsy nataony izany. Tsy vao izao Rajoelina Andry no natsakitsaka lalàna fa efa tamin'ny tetezamita ka tsy nanatanterahiny ny Tondro Zotra izay nosoniaviny. Amin'izao fotoana izao dia tsy voatanisa intsony ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana ataony. Miray tsikombakomba amin'izany ratsy ataony izany ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana matoa tsy sahy manaisotra azy eo amin'ny toerana maha filohan'ny Repoblika azy. Efa fiheken-keloka ny nilazany fa ry zareo mpanao politika tsy mijery afa tsy ny tenany ihany no nahatonga ity Firenena ity ho toy izao. Dingana efa nomanin-dRajoelina Andry sy ireo niaradia taminy ny 07 Febroary 2009, nahazo fahefana izy ireo saingy namela takaitra ho an'ny Firenena sy ny vahoaka Malagasy izany. Koa raha tena olompirenena mahalala fa nanao ratsy kanefa kosa manaja ny teny notenenina ary mihaiky marina fa meloka ny filohan'ny Repoblika dia mangataka famelankeloka amin'ny vahoaka Malagasy izay notsinontsiniaviny hatramin'izay ary nataony sorona sy nofitahiny mba hazoana fahefana.

***Andry Tsiavalona***

Tranga

## Nieren-doza ny depioten' Ambositra

Nitrangana lozam-pifamoivoizana omaly tamin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) iny, nieren-doza tamin'izany ny depiote voafidy tany Ambositra ao amin'ny faritra Amoron'i Mania. Latsaka an-tanimbary tany amin'ny lalana Ambohimanjaka, lalam-pirenena faha 7, ny fiara nitondra ny depiote Simon Nomenjanahary (Fandrava), voafidy tao amin'ny distrikan'Ambositra. Vokatry ny tsy fahatomombanan'ny fiara no nahatonga ny loza raha ny filazany. Naratra izy ka nentina tao amin'ny Hopitaly Ambohimanjaka ary efa nahazo fitsaboana. Ny lalana ratsy, izay tsy vitan'ny fitondrana Rajoelina ihany koa no anisan'ny mitera-doza amin'ny lalampirenena, toy izany no mitranga amin'ny lalampirenena faha-7 ity.

***Stefa***



*Fiarakodiana depiote, latsaka tany an-tanimbary.*

TONONKALO

### RY MPANONGAM-PANJAKANA !

Ny mpanongam-panjakana no hiantso fitoniana,
Teloambinifolo taona , miampy kely aty aoriana ?
F`efa ho rendrika ny sambo , tsy nahomby ny natao,
Vao hiantsoantso hoe "tsy lera", mbola tsy fotoana izao ?

Ny mpanongam-panjakana no hiantso mafy hoe:
Voarara sady tsy azo atao ny midina eny an-dalambe ?
Ho an`iza irery ny lalàna , hoatry ny manjavozavo.
Tena mila hazavaina ry mpitsara eny amin`ny avo !

Ny mpanongam-panjakana no manao fanambaràna
Ka milaza fa ilaina , ilaina ny fifamelana ?
Vao nandray ny fitondrana, tsy mba nety hiray lambanana,
F`efa ho tapaka ny seza vao handrary fihavanana ?

Ry mpanongam-panjakana, izao no saino, tadidio:
Amboary ny fiteninao hoe "tsofintsika fotsiny io".
Ny lalitra no azo tsofina , dia mangina sy mitsoaka,
Saingy tsy mba toy izay ny fitantanana vahoaka !

***DADAN`i RIANA (08-02-23)***

FITOTONGAN'NY VIDIN'NY LAVANILA

## Nampiaka-peo koa ny any Sambava

Nampiaka-peo koa amin'izao fotoana ny any Sambava faritra Sava, noho ny fitotongan'ny vidin'ny lavanila any an-toerana. Tao aorian'ny tany Mananara Avaratra, Maroantsetra arak'izany, tsy faly amin'ny fitondrana Rajoelina noho ny fijotson'ny vidin'ny lavanila koa ny any Sambava. Noho izay antony izay, nampiaka-peo ny depiote Jack. Tsy rariny ny zavamisy mahakasika ny resaka lavanila hoy izy. Nampiaka-peo ny depiote Mamangy Norbert, fantatra amin'ny solon'anarana depiote Jack, izay voafidy tao Sambava, mahakasika ny vidiny lavanila. Lasa antso an'efitra ny antso rehetra natao ho an'ny tompon'andraikitra sy ny fitondram-panjakana, hoy izy. Hanao fifidianana ve ny fitondrana, hoy ihany ny depiote Jack? Tsy hisy vato ho azon'ny mpitondra intsony aty Sava, raha mbola hilatsaka, raha tsy voavaha io olana io, hoy ihany ity olom-boafidy ity. Efa nitranga ny olana noho ny ampihimamba amin'ity reasaka lavanila ity, izay vao niantso fifampidinihana tamin'ireo mpandraharaha ny fitondrana omaly, azo lazaina ho efa tratra aoriana izany, satria efa tsy faka nanondrana intsony izy ireo, satria voafetra ihany ireo mpandraharaha nahazo fahazoan-dalana tamin'ity taona ity.



***Aly***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00
gvalosoa@yahoo.com

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny filoha Marc Ravalomanana, nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny TIM Boriboritany voalohany, teny Faravohitra tamin'ity herinandro ity.





Ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, teny amin'ny CENI Ivandry omaly.









Ny fahapotehan'ny lalampirenena faha-4 amin'izao fotoana.





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ny fahafatesana no fahavalo farany horesena."*

***I Korintiana 15:26***

**FIFANINTSANANA CAN 2023**

# Hiatrika fampivondronana indray ny Barea de Madagascar

Mandritra ny hetsika “Fenêtre FIFA” ho tontosaina amin’ ny 20 - 28 martsa 2023 any amin’ny toerana mbola ho faritana indray no hanatontosana ny fampivondronana manaraka ho an'ny Barea de Madagascar handray anjara amin' ny fifanintsanana CAN 2023 izay hanomanany indrindra indrindra ny fifanandrinana “Eliminatoire de la Can 2023” (mandroso sy miverina) amin’ ny ekipam-pirenen’i Centrafrique izay ho tontosaina amin’ny talata 21 sy amin’ny alahady 26 martsa 2023 ho avy izao. Hatreto aloha dia mbola tsy navoakan’ny mpanazatra Nicolas Dupuis ny lisitr’ ireo mpilalao Malagasy hiatrika an’izany fifanintsanana izany. Marihana fa ao amin’ny vondrona E miaraka amin’i Ghana sy Angola ary i Centrafrique i Madagasikara amin’ity fifanintsanana fahazoana miatrika ny Can Côte d’Ivoire 2023 ity.



*Barea de Madagascar farany tamin’ny 2022.*

***Rainilita***

**“Orange Pro-League 2022-2023 J-5”**

# Nahemotra amin’ny manaraka ny fihaonana roa

Nampahafantaran’ny CFEM mpikarakara ny fifaninanana baolina kitra Malagasy “Orange Pro-League 2022-2023” fa misy fihaonana roa voafaritra fa ho tanterahina amin’ny andro faha-5 amin’ity fifaninanana ity no voatery nahemotra amin’ny fotoana manaraka noho ny antony manokana dia eo ny fihaonan’ny Asa Diana sy ny Fosa Juniors Fc ao amin’ ny “Conférence Nord” izay tokony ho tanterahina eny amin’ny kianja sentetikan’Ambohidratrimo amin’ny alahady 12 febroary 2022 sy ny fihaonan’ny 3Fb Toliara sy ny Cffa Andoharanofotsy tokony ho tanterahina any amin’ny kianja Maître Kira amin’ny alahady 12 febroary 2023 ihany koa. Tsiahivina ho antsika kosa ireo lalao hafa ho tanterahina amin’io andro faha-5 io : “Conférence Sud” samy hanomboka amin’ny 2ora30 tolakandro Sabotsy 11 febroary 2023 : Mama Fc Ilakaka # Jet Kintana (kianja “Elgeco Plus Stadium By Pass”), Alahady 12 febroary 2023 : Dato Fc sy# Elgeco Plus (kianja sentetika Manakara), Disciples Fc # Zanakala Fc ( kianja “Elgeco Plus Stadium By Pass”). Tia “Conférence Nord” samy hanomboka amin’ ny 2ora30 tolakandro ihany koa Sabotsy 11 febroary 2023 : Tffc # Cosfa (kianja sentetika Ambohidratrimo), As Fanalamanga # Kitra Fc (kianja “Barikadimy Stadium Toamasina”), Alahady 12 febroary 2023 : Ajesaia # Usafoot (kianja sentetika Ambohidratrimo).



*Mpilalao’ny Barea Chan hiatrika ny Pro-League indray.*

***Rainilita***

**Ekipa voafantin'i Mayotte Basketball**

# Anio alakamisy no hikatroka amin’ny Cospn indray

Rehefa nikatroka tamin’ny ekipa malagasin’ny Gnbc tetsy amin’ny “petit palais des sports Mahamasina” tamin’ny talata 07 febroary 2023 teo ka resy tamin’ny isa 61-54 (QT1: 13-16, QT2: 16-10, QT3 : 13-14, QT4 : 19-14) ny ekipa voafantin’i Mayotte Basketball manao lalao tsapa ho fanomanan-tena ataon’izy ireo ho fanomanana ny lalaon’ny nosy 2023 dia anio alakamisy 09 febroary 2023 indray no hiatrika ny lalao faharoa hataony amin’izao fandalovany eto Madagasikara izao ka hikatroka amin’ny ekipan’ny Cospn Malagasy, mbola ao amin’ny kianja “petit palais des sports Mahamasina” hatrany ary mbola hanomboka amin’ny 4 ora tolakandro ihany koa.



*Ny ekipan’i Mayotte tetsy Mahamasina.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Rambon’omby ritra** indray, no laoka amin’ny sakafo eto amin’ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanenana kibo



Fomba natoraly fanenana kibo indray, no Mahasoa eto amin’ny gazetinao androany. Mety amin’ny olona rehetra na lehilahy na vehivavy, mety amin’ ny vehivavy mampinono. Ankoatran'ny fanaovana regime alimentaire sy fanaovana exercice physique (sport) dia ny TORIMASO anisan’ny zava-dehibe ilaina raha te hanena vatana na kibo.

Tokony ho ampy tsara ny torimaso: adin’ny 6 ka hatram’ny adin’ny 8 ora isan'andro no tokony hatoriana.Rehefa latsaky ny adin'ny 6 dia mitombo ny tavy amin’ny vatana, indrindra fa ny kibo. Ny torimaso dia manala ny tavy amin’ny vatana.

Ny torimaso dia mampihena ny stress izay anisany mampatavy ihany koa.

Ny torimaso dia mampilamina ny siramamy ao amin’ny rà,
ka noho izany anisan’ny fanalahidy amin’ny fanenana vatana ny torimaso.

Zavatra atao manampy amin’ny fahitana torimaso:

- Mihinana sakafo misy calcium , potassium , magnesium , vitamine B1.
- Mihinana celeri amin’ny hariva alohan’ny hatory atao salady.
- Rehefa matory dia vonoina ny jiro , sy ny TV, sns...
- Rehefa te hatory, tonga dia mamonjy fandriana.
- Mampiasa vatana isan'andro.

Ireto sakafo ireto no tsara hohanina mampihena vatana:
zavokà, paoma, mananasy , noix, amande , lentille , concombre, epinard , celeri, kotomila , salade , champignon na holatra, tamotamo , huile de coco , the vert , Vinaigre de cidre de pomme , huile d'olive , atody , trondro ( sardine , saumon).

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan’Ambodivoanio any amin’ ny distrikan’i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan’Ambodivoanio any amin’ny distrikan’i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodivoanio ity tanàna ity, iray amin’ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan’i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan’ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 82 m ny haavony miohatra amin’ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila. Mamokatra vary ihany koa ny tantsaha any Ambodivoanio Mananara Avaratra. Misy ihany koa ireo tantsaha mpanjono any Ambodivoanio.





FANAOVANA SARIMIHETSIKA MAMOAFADY

# Ny zanany lahikely sy ny rahavaviny ihany no nanatontosa izany

Efa tsy misy tahotra sy henatra intsony ny fitadiavam-bola ho an'ny olona sasany maty eritreritra amin'izao fotoana. Ny zanany lahikely sy ny rahavaviny ihany no fantatra fa nanatontosa sarimihetsika mamoafady, eo amin'ny heloka amin'ny tambazotran-tserasera, na cyber-criminalité. Toy izao ny tantara: mpirahavavy izy 02 ary ilay zokiny manan-janaka lahikely 05 taona . Nifanaraka izy ireo fa hanao sarimihetsika mamoafady ilay zazalahy kely sy ity rahavaviny.

Rehefa vita izany dia amidin'izy ireo amina vazaha any an-dafy ilay horonantsary amin'ny vidiny 10 euros . Tsy vao io ny sarimihetsika nataon'izy ireo, fa efa maro ary saika ahitana zazakely hatrany izany . Ny fomba fanaon' izy ireo dia resahany moramora ilay zaza ary hoentiny miaraka aminy, ka rehefa vita ny ataony dia hividianany zavatra . Voasambotry ny Polisy izy 02 ireto ary niaiky ny heloka nataony . Fantatra ihany koa fa ankizy 05 taona hatramin'ny 14 taona no fampiasan'izy ireo ary saika ireo ankizy manodidina ny fianakaviany ihany no adalain'izy ireo .



*Izy mirahavavy, mpanao sarimihetsika mamoafady.*

**Stefa**

Habibiana tany Ankazobe

# Tratra ireo mpanome vaovao an'Iarisy sy ny namany

Famonoan'olona sy fandorana tanàna tamin'ny fomba feno habibiana tany Ankazobe, tratra ireo mpanome vaovao an'Iarisy sy ny namany, izay tompon'antoka tamin'izany ary mbola karohina hatramin'izao. Naiditra vonjimaika any amin'ny fonjan'Ankazobe i Haja maitre na i Vazaha sy i Rija, isan'ireo mpiara-miasa akaiky sy mpanome vaovao an'i Iarisy sy ny namany izay dahalo mbola karohina. Vokatry ny fanadihadiana, no nahitan'ireo Zandary avy ao amin'ny vondron-tobim-paritra Ankazobe, ireo olona mpifanerasera amin'ny alalan' ny antso na hafatra amin'i IARISY sy ny namany. Roalahy antsoina amin'ny anaram-bositra hoe HAJA MAITRE na i VAZAHA sy i RIJA, no fantatra fa mpiray tendro sy mifandray tsy tapaka amin'ireo dahalo voalaza etsy ambony , izy roalahy no mampahafantatra ireo dahalo ny toerana sy ny fitaovana ary ny isan'ireo zandary izay manao ny fikarohana sy fisamborana eny antsehatra. Natolotra ny fampanoavana ny talata teo izy roalahy ary naiditra vonjimaika ao amin'ny fonjan'Ankazobe.

**Niaina**


*Ireo jiolahy mpanome vaovao ireo dahalo raindahiny any Ankazobe.*

"Les Lions de la Teranga du Sénégal »

# Noraisin'ny filoha Macky Sall an-dapa

Noraisin'ny filoha Sénégaley, Atoa Macky Sall, tao amin'ny lapam-panjakana fiasany niaraka ny ekipan'ny « Lions de la Teranga Chan sy Beach Soccer » izay samy nandrombaka avy ny amboara maha-tompondakan'i Afrika 2022 azy ireo. Tamin'ny fankasitrahana azy ireo dia ireto avy ny fanolorana azon'ireo mpilalao sy « Staff » tsirairay avy tamin'izany : -Lelavola 10 000 000 FCFA avy, -Tany mirefy 500 m2 avy ao amin'ny faritr'i Dakar renivohitra, Ny ekipan'i Sénégal nandrombaka ny CAN 2021 kosa dia nahazo : -Lelavola 75 000 000 FCFA avy, -Tany mirefy 500 m2 avy any amin'ny tanàna vaovao Diamniadio izay misy ny Kianja maoderina sady manarapenitra. Io tanàna io no ho foiben'ny « Jeux Olympiques des Jeunes 2026 ». -Tany mirefy 200 m2 avy ao amin'ny faritr'i Dakar renivohitra. Ireo fanomezana ireo dia ivelan'ny « primes de qualifications » sy ny « primes CAF ». Afaka manao kajikajy ianao fa androany 09 febroary 2023 dia 1 FCFA = 7,03 ar ary ny 1 USD = 4295,53 ar.


*Ny « Lions de la Teranga du Sénégal », noraisin'ny filoha Macky Sall tao an-dapany.*

**Rainilita**

Misaona ny fampianarana ambony

# Nodimandry Pr Rakotomahanina Ralaisoa Emile

Misaona amin'izao fotoana ny tontolon'ny fampianarana ambony eto amintsika. Nodimandry afak'omaly, Pr Rakotomahanina Ralaisoa Emile, efa filohan'ny Oniversiten'Antananarivo, ary efa Rektoran'ny Oniversite tsy miankina ACEEM. Noho izay antony izay, nisy fanambarana avy amin'ny Oniversite ACEEM:"amin'alahelo lehibe no ampandrenesana antsika ny fodiamandrin'i Pr RAKOTOMAHANINA RALAISOA Emile, RECTEUR teto amin'ny ONIVERSITE ACEEM ny taona 2008-2018, teo amin'ny faha 84 taonany ny 07 febroary 2023. Ny Filoha Mpanorina ny Vondrom-panabeazana ACEEM sy ny fianakaviamben'ny ONIVERSITE ACEEM MANAKAMBAHINY ary ny mpiaramiasa rehetra dia mirary fionona feno ho an'ny fianakaviana. Tsy ho adino ny adidy sy ny zava-tsoa rehetra vitany teto amin'ny ONIVERSITE, ho an'ny mpiara-belona sy ireo mpianatra. Mandria am-piadanana."

**Niaina**


*Pr Rakotomahanina Ralaisoa Emile fahavelony.*

Ambodin'Isotry

# Misy manendaka na mbola mazava aza ny andro

Mahamay ny resaka tsy fandriampahalemana etsy amin'ny tsenan'Ambodin'Isotry eto Antananarivo, na mbola mazava aza ny andro, manao ny asa ratsiny ireo jiolahy mpanendaka eny an-toetana. Voaendaka teo Ambodin'isotry i Jean luc Tonga tamin'ny sabotsy 4 febroary teo tamin'ny 6 ora hariva, rehefa nody avy niasa. I Jean Luc Tonga dia mpanentana fandaharana ao amin'ny Studio Sifaka, manager-na artista maro, tompon' ny orinasan-tserasera Point Carré.

Nitondra meso ireo lehilahy 6 nanendaka azy, andro tsena sady mbola nazava. Lasan'ireo mpanendaka ny sac à dos gris misy : PC portable dell noir + chargeur, 1 dictaphone, 1 iPhone, 1 smartphone, pièces d'identité ( CIN, passeport, carte bancaire) sy lakilen'ny birao, ary taratasy maromaro... Koa miangavy fiaraha-miasa amin'ny re- hetra ny tenany raha manana vaovao, mba hian-tso azy amin'ny 032 51 344 53, fa omena valisoa, na hampandre ny polisy akaiky azy.

**Niaina**


*Jean Luc Tonga, mpanentana fandaharana, nisy nanendaka teny Ambodin'Isotry.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**04/02/2023 hatramin'ny 11/02/2023**

- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68 / 032 12 714 17 / 034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1399-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AFK

# Mampandroso ny fampiasana ny talentan'ny tsirairay

Manana ny hasiny sy ny maha izy azy ny olombelona tsirairay amin'ny fiheverana sy soatoavina malagasy. Nomeny lanja ny anjara toeran'ny tsirairay eo anivom-piarahamonina, fa tsy nisy natao ankilabao na anjorom-bala zanak'Ikalahafa. Nirindra ny fiarahamonina fahiny noho izany rindran-damina izany.
Raha hanao dingan-dava, mijery ny zava-misy amin' izao vanim-potoana izao, milaza miara-mahita ihany amin'ny andavanandron'ny fiaraha-monina malagasy. Nisy ny soatoavina voakosoka na nailikilika sy zary ambaninjavatra. Izay no mahatonga ny firenena ho amin' ny toerany toy izao, hoy ny mpandinika. Amin'ny fomba ahoana no hanarenana ny firenena ka hialàny ao anaty fahantrana? Adihevitra be ny amin' izany sy fifandroritan-kevitra tsy misy farany raha ny fahitana ny zava-misy eo amin'ireo herivelona rehetra eto amin'ny firenena. Aiza ny lalan-kivoahana?
Anisany lalana iray mahomby ny fanomezan-kasina ny tsirairay. Ny olombelona mantsy no harena voalohany aloha, fa indraindray adino izany na tsy azo an-tsaina. Saiky mankany amin'ireo harem-be tsy hita hisitrahan'ny sarambabem-bahoaka hatrany no ironan' ny sain'ny maro. Hany ka mihitsoka ao anaty fahantrana na fahasahiranana ny firenena.
Ny olona tsirairay dia manana ny talenta ao aminy ao, izay nomen'Andriamanitra azy. Mila fantariny io talenta ao aminy io ka hoentiny eo amin'ny sehatra mifanandrify amin' izany. Misy ny olona na fikambanana afaka manampy azy amin'izany raha toa ka sahirana amin'izany izy. Tsy maintsy tiliana ny talenta ahafahan'ilay olona miditra amin'ny seha-pihariana ka mampiasa izany hiàla amin'ny fahasahiranana.
Fitaovana iray azo hanatonana hanampy amin' izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana( AFK). Efa marobe ireo hetsika nataony nentina nampahafantarana izany maha fitaovana azy izany sy ny fitaovana ihany koa eo am-pelatanany. Mbola mitohy izany hetsika ataony izany ankehitriny ka ny hotanterahiny tsy ho ela fa ny Alarobia 8 Martsa hoavy izao, dia hisy ny varavarana misokatra karakarainy hihaonany amin'ny olom-pirenena vonona handray andraikitra ho amin'ny fampandrosoana ity firenena ity. Dinidinika ifanakalozan-kevitra no hatao amin'izany. Ny laharana azo ifandraisana amin'izany ny 034 17 460 63.

***Aris***



Fifamoivoizana

# Potika, tsy mbola vita ny RN6 any Antsohihy faritra Sofia

Potika, tsy mbola vita amin'izao fotoana ny lalampirenena faha-6 (RN6) mandalo ny faritra Sofia, mihazo ny any avaratry ny Nosy iny. Noho izay antony izay, mikatso indray ny lalana amin'ny RN6 amin'izao fotoana izao, tavela ao amin'ny déviation, 60km tsy hiditra an'Antsohihy ny kamiao iray, ka tsy misy afaka mandeha ireo rehetra, na ny andaniny, na ny ankilany, izany hoe: tsy misy deviation azo atao.



*Kamiao tsy afaka noho ny faharatsian'ny lalana any amin'ny RN6.*


Mijaly dia mijaly tokoa amin'izao fotoana, ireo mpitatitra, sy ireo mpampiasa iny RN6 iny, noho ny fahapotehan'ny lalana, ka hanairan'izy ireo ny tompon'andraikitra ny amin'ny ho fanamboarana sy ny fanarenana izany.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 422**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0421)

***Mitsivalana***
- Fanafody
- Akofa - If
- Ramatoa
- Kely (miv - Ony
- Tina - AA
- No
- Amidy - TV

***Mitsangana***
- Faritra
- Ilaka (miv)
- Nomenay
- Afaka
- Fat(y) - Ny
- OO
- Diana
- Fy (miv) - Voay (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 422




**Mitsivalana**

**1.** Fanimbana zaza tsy ampy taona **2.** Fanontaniana - Vokatry ny tany - Metaly (miv) **3.** Hery sy tanjaka - Mpisolo tena **4.** Olona fotsy tava **5.** Biby fiompy - Aro tongotra (mivà **6.** Krismasy - Handray **7.** Atanika afo, atono (mivà **8.** Teny fanentanana - Inona **9.** Faneva (BL) - Masiaka **10.** Zanak'i Dada - Tsiro - Tao

**Mitsangana**

**A.** Filaminana, fahasambarana **B.** Milaza fananana - Aotra - Leha **D.** Nanolorana **E.** Ao amin'ny bala - Mpanondro (miv) **F.** Simba, masiso - Isa Romana **G.** Miantso - Voninkazo **H.** Niraisana dia **I.** Nampiasa fera **J.** Nitambatra - Matanjaka **K.** Alefa any ivelany - Ila, iry

### Valiny Teny mifanaraka 0421

**Mitsivalana**

**1.**Mampiantso **2.** If - Kira **3.** Fiantohana **4.** Antitra **5.** Na - Andao **6.** Pasitera **7.** Lio - Nirona (miv) **8.** Fananana **9.** Nao - Ap **10.** Ar(etina) - Fia - Zom(a)

**Mitsangana**

**A** Mifanolana **B.** Afina - Ar **D.** Ta (miv) - Pofo **E.** Penina **F.** TT - Sangy **G.** Akoraina **H.** Mihantona **I.** Tra - Dera **J.** Santarinao K. Mpanao (miv)

# TIAKO I MADAGASIKARA

Arrêté N° 22 828 2014; registre N° 161/2014 au Registre National des partis politiques

Antananarivo, faha-08 febroary 2023

Ho an'

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-Pirenena
Mahaleotena Misahana ny Fifidianana (CENI)

Alarobia Antananarivo

**Antony** : Antso ho fanatanterahana fifampidinihana

(Cadre de Concertation)

Ho tohin'ny fanambarana nataon'ny Filohan'ny Vaomieram-Pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI ny Zoma faha-03 febroary 2023 lasa teo mikasika ny tokony hisokafan'ny adihevitra momba ny hanatanterahana na tsia ny Fifidianana eny anivon'ny Kaominina sy ny tsy nahatratrarana ny tanjona napetraka ny amin'ny isan'ny mpifidy tokony ho voasoratra anarana ao anaty Lisitry ny Mpifidy taorian'ny faha-31 janoary 2023 lasa teo, dia voninahitra ho anay ny manao izao taratasy izao miantso ny CENI hanatanteraka fifampidinihana (Cadre de concertation) eo amin'ny Mpisehatra rehetra amin'ny Fifidianana (CENI, Governemanta, Antoko politika, Fiaraha-monim-pirenena, Mpanara-maso Fifidianana, Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola) hifanakalozan-kevitra mikasika ireto lohahevitra roa ireto :

1- Ny volavola-tetiandro hanatanterahana ireo fifidianana izay tokony hatao amin'ity taona 2023 ity mifanaraka amin'ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ;

2- Ny fomba fiasa mangarahara sy andraisan'ny rehetra anjara hahazoana Lisitry ny mpifidy Feno sy Madio amin'izao Fanavaozana manontolo izao.

Manainga ny CENI izahay hanatanteraka izany sehatra ifampidinihana (Cadre de concertation) izany ato anatin'ny fotoana fohy mba hisian'ny fitoniana manoloana ireo ahiahy maro misy ankehitriny ka hametrahana tontolo manodidina milamina mialohan'ny fifidianana.

Ny Sekretera Jeneraly

BIRAO NASIONALY Tiako i Madagasikara FAHAMARINANA - FAHAMASINANA

Rina RANDRIAMASINORO

Foibe Nasionaly: Lot II L 15 Ankadivato – 101 Antananarivo, Madagasikara
Récépissé n° 184/2002 du 03/07/02 – Arrêté n° 22 828/2014 du 01/07/14 - RNPP n° 161/2014